ANJARA VATOFOTOTRA HO AN'NY HETSIKA FANASINA

Ny androany, 11 febroary 2011, rehefa nanankinan'ny mpiray hetaheta ny teny hanolorana ny "Hetsika Fanasina" izay novakiana imaso tamin'ny 12 febroary 2010 ny tena dia inty fa misolantsolana mitondra izay angamba mety ho anjara masomboiy keiy ho amin'ny koio aman-kasina hiainantsika an'izao taonjato faha 21 izao.

ANTAMBO

Hisy hahavita hanao ambany maso tsy hita ny anatra asongadin'ny tantara amin'ity taranaka miara-belona ity ve raha amin'izao ankehitriny izao? Anatra toy inona intsony no hihoatra ny haravambe tato anatin'ny roa taona?

- Ny taniamamonina misavorovoro, mifanandrinana tsy ahaveiomam-pihariana tsy ahavanonam-panjakana;
- Ny tany tsy mandry, ny barofo mirongatra manenika, mandrava lafim-piainan'ny olona, ny maro mitsipozipozy;
- Haravana tsy ho azom-panafana ny amin'ilay tontolo manodidina iainana noheverina hitsinjovan-taranaka;
- Lahy sy vavy amana hetsiny no lasa venjivenjin'olona fa very ilay asa nameloman-tena, namelomam-bady nitsinjovan-taranaka, nanorenana ny fahamendrehana. Misesisesy ny famonoan-tenan'ny zatovo sy tanora;
- Ovian-tany nandrorona maty hasina tahaka izao ity tany sy ny fanjakana ity teo anivon'ny firenen-tsamihafa, ovian-danitra no tsy koio tsy hasina fa very fanahy tahaka io, nijotso mankamin'ny fara-idina?

OTA SY FADY

Fiheveram-bahoaka mampifandray ny haravambe tahaka izao amin'ny anjara andraikitry ny mpiray monina ny amin'ny ota sy fady ary manazava fototra azy.

Ny hasina iotoina sy vingavingaina no ota. Ny mandika izay fomba fikolo sy fankamasina no fady.

Anganongano miampita no ahalalana izay haravambe tandrify manafay ny fiarahamonina, tany sy fanjakana tsy mahalala ota, tsy mahatandro fady. Na singan'olona eo aminy aza no nanotafady.

Manan-tsiny amin'ny fijery sasany ny fitandroana fady ifandovana. Fandraiketana vakodrazana. Fifehezana olona fahizany hanoa hasina sy hanaja fomba amam-penitra. Fifehezan-taranaka. Amin'ny hafa dia fombafomban'izay mino azy ka mankato azy samy araka izay finoany azy aby.

Fa na inona na ahoana finoantsika dia manadina antsika mifanatrika ankehitriny momba ny ota sy fady kosa izao haravambe tsy roa amin'ny tantara izao. Fanahy mahalala mamolavola, mitandro, mitsinjo sy mandala ny hasin'ny tany sy ny fanjakana izay mahatsiaro voadina izay.

Koa tamin'ny herintaona tahaka izao (ny sabotsy 12 febroary 2010) rehefa nisy vitsivitsy niantso hifanao ioabariandasy tamin'ny toerana iray momba ny "Hasin'ny tany sy ny fanjakana" dia niray

donakafo avy hatrany ny Mpikaroka amin'ny siansa momba ny tontolo iainana, Mpanao fikarohan'ny oniverisite, Mpampianatra amin'ny ambaratonga ambony sy faharoa, mpifantoka amin'ny infôrmatika, Mpitondra teo aloha nisahana ny kolontsaina sy ny serasera, Mpitandrina, Mompera, Mpitarika politika, renim-pianakaviana, zatovo mifantoka amin'ny fampananana asa, ... 60 olona. Herintaona fotsiny taorinan'ny 26 janoary sy 07 febroary 2009 izany. Ary mbola tsy nierina akory ny 17 marsa.

Samy naneho araka izay tandrify azy avy ary samy nampiseho ny ota, ny fady, ny fanafana momba ireo lafiny voatanisa tamin'izany dia: ny fandimbiasam-pitondrana, ny fampananana asa, ny fanabeazana, ny fihariana, ny Frantsay, ny hasin'ny tany, ny hasin'ny teny, ny kiady apetraka, ny fisamahan'ny mpiray firenena, ny teolojia, ny tontolo iainana.

Voasedra tamin'izany fa tsy manavaka Malagasy, tsy manavaka finoana na fifantohana aman-tsiansa na politika ny fahatsapana amin'izao taojato faha 21 izao fa otafady no fototr'izao haravambe izao. Ary ny fototry ny loza indrindra dia ny fandrombaham-pahefana taman-kery. Voasedra fa na làlan-tsaina sy finoana samy hafa mihitsy aza no nandray ny zava-misy, vetivety foana dia samy tonga miaiky fa misy ota nahatonga an'izao ary samy nifampitaona hila fanafana. Mitady "Hetsika Fanasina".

HO AN'NY MANAM-PANAHY

Herintaona taty aoriana ary 1 volana tsy hitsingerenan'ny 17 marsa rehefa miakatra ny fiampangana ireo rangory fototry ny afo nanongam-panjakana dia efa vavan'ny mpankahatra tsy ivoasana tokoa ny an'ity lehilahy iray tamin'ny 07 febroary 2011 tsingerin-taonan'izay natombony roa taona lasa izao:

- Fadin-drazana taiza angaha hono ny manongam-panjakana.
- Mbola sahiny haverina hono izay nataony roa taona izay ka nahatonga izao rehetra izao.

Dingam-pandrosoana, tanjaka aman-kasina andrarezina teo amin'ny firenen-drehetra tamin'izao tontolo izao tamin'ny androny no nampakaran'ny Ejiptiana fahizany na ny Romana sy Grika fahizany na ny Aziteky sy Enkà ny tany sy ny fanjakany. Ary raha haka ny manila tsy lavitra antsika sady tamin'ny fotoana akaiky antsika kokoa dia dingana namiratra tamin'ny fotoanany teto Afrika ny Fanjakana Moene Motapa na Mônômotapa taloha fahizany teo amin'io misy an'i Zimbaboe ankehitriny io. Niezinezina ireny fa nikoro sy lavenon'ny tantara fe ankehitriny. Ao raha.

Ka mba todintsika tamin'ny dingam-pandrosoana toy inona moa, ary tanjaka aman-kasina hatraiza loatra ity tany sy ny fanjakana dimbiasantsika ity no ankaharana ota sy ihantsiana antambo sahady? Ampy angamba ny mitsotra fa isan'ny mahantra itserana sy iondrehan'ny firenen-tsamihafa ny Malagasy aloha hatreto. Mbola hiampy trotraka koa ve ny nanjo tanatin'izao roa taona farany izao?

Anatra mibaribary izao fa fanahy mihanoka anatin'ny otafady no indreo mihirim-belona anivon'izao haravambe tsy mbola hita fetra izao.

HETSIKA FANASINA:

Araraotina tsy fidiny izao fisedrana ny fara-idina izao hitrandrahana sy anovozantsika ankehitriny ny fanafana mba hieren'ny loza sy idifian'ny antambo manomboka izao. Enti-miaina ny fahalalan'ny

ankehitriny, ny fivoaram-piainana, ny fahaiza-mandamina ny taniamamonina, ny hasin'ny tany sy ny fanjakana.

Azon'ny olona mahazaha fototra sy manjohy heverina fa amin'izao taranaka izao, ary hodiavin'ny taranaka mandimby dia misy tokoa ny hasina ary misy ny fomba natao hotoavina sy hajaina tandrify an'ireo. Fara-faharatsiny izany fanajana izany manainga sombin-kery hoenti-mihoitra sy maka anjara eo anivon'ny fanontoloana.

Mamoiavola sy mampiorina hasin'ny tany ama-monina sy ny fanjakana tandrify azy izao taranaka hita izao sy izay olo mpanahy eo aminy. Tsarainy sy folahiny amin'izany izay tandrify sy takatry ny razana raha misy azony raisina fa izy no Malagasy velona ankehitriny, tompon'ny taonjatony.

Zava-pitrandraka ny fototra iorenana ny fomba Fahendrena (Fihendrena?) ankehitriny. Ilana fisedran'ny taonjato ny Kolon-tsaina aman-kasina hatao fitandro. Toy inona ny fomba fanahy mampirindra ny soatoavin'ny lafivalo hahefana ny fanontoloana ankehitriny ary hiorenan'ny fandrosoan-koavy?

Tsy hita lany na fanontaniana manahaka an'izany.

Resy lahatra izay miantsehatra amin'ny Hetsika Fanasina fa ny miasa mitozo anivon'ny kolon-tsaim-piarahamonina no anjara zakany hampiainga fototra hiorenana fandrosoana lavitra ota, mahatandro fady eto amin'ny firenena. Fanjakana iaraha manana no mahavanon-kolona amin'ity taonjato ity. Fitondrana an-tenierana no mampirindra. Tontolo iainana voahaja no lovain-doria.

Ary tohin'izany dia miaiky koa izay miantsehatra amin'ny Hetsika Fanasina fa miaina, mampiaina, mikaroka, mivoy ary mikolo hampitrebona ny soatoavina. Koa fanehoana ara-potoana manantitra an'izay matombintombina, mikolo izay hita mitsimoka hosedrain'ny taniamamonina no anjaran'ny Hetsika Fanasina.

Tapaka hevitra izay miantsehatra amin'ny Hetsika Fanasina fa ny mifarimbona sy mifanohana amin'izany no mety. Haneho an-karihary hanatevina hatrany ny vatofototra no hatao.

Tera-bary ny hevitra amam-pahatakarana. Iza moa no afaka hiambo ho tompon'ny fahendrena? Manomboka mason'andro androany dia hivorian'ny Hetsika Fanasina isan-taona – fara-faharatsiny - ny anjara vato harafitra miaraka ho vatofototra.

J. Constant RAVELOSON